# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Janoary 2020

# 15 Alarobia janoary

**Ampandrenesiny *(ampandrenesin'i Jehovah Tompo)* isa-maraina isa-maraina... ny sofiko, hihaino tahaka ny efa mahay.** Isaia 50. 4

**Ahirato ny masonareo, ry tanora, fa fitahina ianareo ! (1)**

*Hoy ny olona aminareo* : „Aza sarotsarotiny, aza be tsikera ! Ny lafin-javatra tsara hatrany no jereo, itaro ny sehatry ny fieritreretanareo, amin'ny fampiasana ny fandinihana lalina, ny teknika ara-tsaina, ary amin'ny zava-mahadomelina aza..."

— *Hoy ny Baiboly* : „Hendre ka mahonona tena ho amin'ny fivavahana" (1 Petera 4. 7). „Ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany" (1 Petera 5. 8).

*Hoy ny olona aminareo* : „Mihainoa mozika mavesatra, ampitomboy mafy ny fanenony ; dia hahazo aina tsara ianareo !"

— *Hoy ny Baiboly* : „Amin'ny fiverenana sy ny fitsaharana no hamonjena anareo, amin'ny fanginana sy ny fahatokiana no hisian'ny herinareo" (Isaia 30. 15). „Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo... mihira amin'ny fahasoavana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra" (Kolosiana 3. 16).

*Hoy ny olona aminareo* : „Henoy ny tenanareo ! Ho hitanareo fa ao anatinareo no misy ny fahamarinana."

— *Hoy ny Baiboly* : „Avy amin'ny fo no ivoahan'ny saindratsy, dia ny vonoan'olona, ny fakam-badin'olona, ny fijangajangana, ny halatra, ny ampanga lainga, ny fitenenan-dratsy ; izany no mahaloto ny olona" (Matio 15. 19, 20). „Fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin'ny nofoko" (Romana 7. 18).

*Hoy ny olona aminareo* : „Nahoana ianareo no resahina fahotana ? Nefa ianareo diso kely fotsiny, nibolisatra, sendra loza, na ratsy vitana !) Miankina amin'ny tsirairay ny antsoina hoe tsara sy ny antsoina hoe ratsy..."

— *Hoy ny Baiboly* : „Lozan'izay milaza ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy ! Izay manao ny maizina ho mazava ary ny mazava ho maizina" (Isaia 5. 20).

*(amin'ny heriny ny tohiny)*